

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**LOI n° 2001-009**

**autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 03 mai 2001  
entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement  
Economique en Afrique relatif au financement du PROJET DE REHABILITATION  
DE LA ROUTE NATIONALE n°6 entre BEKORATSAKA et BORIZINY.**

**EXPOSE DES MOTIFS**

Dans le cadre de sa contribution au financement du Projet de réhabilitation de la Route Nationale n°6 entre BEKORATSAKA et BORIZINY et suite à la demande du Gouvernement Malgache, la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique lui a octroyé, un prêt d'un montant de QUATORZE MILLIONS de Dollars Américains (14.000.000 USD), soit environ QUATRE VINGT DIX MILLIARDS TROIS CENT MILLIONS (90,3 milliards) FMG.

Les négociations du prêt se sont déroulées à Khartoum du 30 avril au 1<sup>er</sup> mai 2001.

L'Accord de Prêt y afférent a été conclu le 03 mai 2001 au CAIRE - Egypte.

**OBJECTIFS DU PROJET**

Le Projet de réhabilitation de la Route Nationale n°6 entre BEKORATSAKA et BORIZINY (PK 63,3 - PK 158) sur approximativement 95 km de route bitumée a pour objectifs de :

- assurer la liaison entre Antananarivo et la région Nord-Ouest du pays ;
- accroître les activités économiques dans la partie Nord du pays ;
- réduire le coût de transport des personnes et des biens ;
- contribuer au développement de la production agricole dans la région ;
- améliorer les conditions de vie des populations.

**DESCRIPTION DU PROJET**

**Localisation du Projet**

Les travaux seront réalisés sur la RN n°6 dans le Faritany de MAHAJANGA.

## **Composantes du Projet**

Les principales composantes du Projet sont :

- les travaux de génie civil pour la construction et le revêtement de la route ;
- les services de consultants en ingénierie, contrôle et surveillance des travaux.

### **c) Durée du Projet**

Il est prévu que le Projet sera terminé d'ici au 31 décembre 2004.

### **d) Responsable du Projet**

L'exécution du Projet sera confiée sous la responsabilité de la Direction des Infrastructures du Ministère des Travaux Publics.

## **3. FINANCEMENT DU PROJET**

Le Projet sera cofinancé par le Fonds Koweïtien de Développement et le Gouvernement Malagasy, pour un montant de 9,75 millions USD.

L'Accord de Prêt n° 606 y afférent a été conclu le 20 décembre 2000 entre la République de Madagascar et le Fonds Koweïtien de Développement.

## **4. CONDITIONS FINANCIERES DU PRET**

**Montant** : Quatorze millions de dollars US (14 millions US) ;

**Taux d'intérêt** : 2% par an sur le montant du Prêt retiré et non encore remboursé ;

**Paiement des intérêts et des commissions éventuelles** : semestriels, tous les 1<sup>er</sup> mai et 1<sup>er</sup> novembre de chaque année ;

**Période de remboursement** : 22 ans après un différé d'amortissement de 6 ans ;

**Remboursement du capital** : en 44 SEMESTRIALITES, conformément au tableau d'amortissement figurant à l'Annexe "I" au présent Accord de Prêt ;

**Date limite de décaissement** : 31 décembre 2005.

Aux termes de l'article 82. 3, paragraphe VIII de la Constitution: « La ratification ou l'approbation ..., de traités ou d'accords..., qui engagent les finances de l'Etat, ..., doit être autorisée par la Loi ».

Tel est, l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**LOI n° 2001-009**

**autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 03 mai 2001  
entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement  
Economique en Afrique relatif au financement du PROJET DE REHABILITATION  
DE LA ROUTE NATIONALE n°6 entre BEKORATSAKA et BORIZINY.**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 11 juillet 2001 et du 23 juillet 2001, la Loi dont la teneur suit :

**ARTICLE PREMIER:** Est autorisée la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 03 mai 2001 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique relatif au financement du PROJET de REHABILITATION de la ROUTE NATIONALE n°6 entre BEKORATSAKA et BORIZINY, d'un montant de QUATORZE MILLIONS de dollars US (14.000.000 US).

**ARTICLE 2 :** La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

**Antananarivo, le 23 juillet 2001.**

**LE PRESIDENT DU SENAT,**

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,**

**RAKOTOMANANA Honoré.**

**ANDRIANARISOA Ange C. F.**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

**LALANA LAHARANA FAHA- 2001 - 009**

**anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tamin'ny faha 03 mey 2001 nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Arabo momba ny Fampanandrosoana ara-Toekarena any Afrika, mikasika ny TETIKASA FANARENANA NY LALAM-PIRENENA faha-6 eo anelanelan'i BEKORATSAKA sy BORIZINY.**

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Mba ho fandraisana anjara amin'ny famatsiam-bola ny Tetikasa fanarenana ny Lalam-pirenena faha-6, eo anelanelan'i BEKORATSAKA sy BORIZINY ary ho valin'ny fangatahan'ny Governemanta Malagasy, ny Banky Arabo momba ny Fampanandrosoana ara- Toekarena any Afrika dia nampidrana azy vola mitetina EFATRA AMBIN'NY FOLO TAPITRISA Dolara Amerikanina ( 14.000.000 US) eo ho eo amin'ny TELONJATO SY SIVY ALINA TAPITRISA Iraimbalanja Malagasy ( 90,3 milliards FMG).

Ny fifampidinihina dia natao tany KHARTOUM ny faha 30 aprily ka hatramin'ny faha 01 mey 2001.

Ny Fifanarahana Fampisamboram-bola dia nosoniavina ny faha 03 mey 2001 tany LE CAIRE- EJYPTA.

**TANJON'NY TETIKASA :**

Ny Tetikasa fanarenana ny Lalam-pirenena faha-6 eo anelanelan'i BEKORATSAKA sy BORIZINY ( PK 63,3 - PK 158), misy 95 km vita tara eo ho eo, dia mikendry ny :

- hahatomombana ny fifandraisana amin'Antananarivo sy ny faritra Avaratra Andrefan'ny Nosy ;
- hampitombo ny asa ara-toekarena any amin'ny faritra Avaratry ny Nosy ;
- hampihena ny saram-pitateran'ny olona sy ny fananany ;
- hampandroso ny famokarana ara-pambolena amin'iny faritra iny ;
- hanatsara ny toe-piainan'ny mponina.

**FILAZALAZANA NY TETIKASA**

**a) Toerana hanaovana ny Tetikasa**

Ny asa dia hatao amin'ny Lalam-pirenena faha-6, ao anatin'ny Faritanin'i Mahajanga.

**b) Sokajin'ny Tetikasa**

Ireto avy ny sokajy lehiben'ny Tetikasa :

- asa “génie civil” mikasika ny fanamboaran-dàlana ;
- asan'ny “consultants en ingénierie” momba ny fanarahamaso sy fitiliana ny fanatanterahana ny asa.

**d) Faharetan'ny Tetikasa**

Heverina ho vita ny faha 31 desambra 2004 ny Tetikasa.

**e) Tompon'andraikitra ny Tetikasa**

Ny fanatontosana ny Tetikasa dia hankinina amin'ny «Direction des Infrastructures » ao amin'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy.

**FAMATSIAM-BOLA NY TETIKASA :**

Ny Tetikasa dia hovatsian'ny Tahirim-bola Koetianina momba ny Fampandrosoana sy ny Governemanta Malagasy vola mitetina SIVY TAPITRISA FAINGO DIMY AMBY FITOPOLO Dolara Amerikanina ( 9,75 millions US).

Ny Fifanarahana Fampisamboram-bola laharana faha-606 nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahirim-bola Koetianina momba ny Fampandrosoana dia nosoniavina tamin'ny faha 20 desambra 2000.

**FEPETRA ARA-BOLAN'NY TETIKASA :**

**Teti-bidiny :** EFATRA AMBIN' NY FOLO TAPITRISA Dolara Amerikanina ( 14.000.000 US) ;

**Zana-bola :** 2% isan-taona amin'ny vola nampiasaina, nefa tsy mbola voaverina ;

**Fandoavana ny zana-bola sy ny sarany samihafa :** isaky ny enim-bolana, ka ny faha 01 mey sy ny faha 01 novambra isan-taona ;

**Faharetan'ny famerenam-bola :** 22 taona aorian'ny enina (06) taona tsy andoavana ;

**Famerenana ny renivola :** in'efatra amby efapolo mandoa isaky ny enim-bolana, araka izay voasoratra ao amin'ny Tovana voalohany mikasika ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ;

**Daty farany famoaham-bola :** ny faha 31 desambra 2005.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-82.3, paragrafy VIII ao amin'ny Lalàmpanorenana : “ Tsy maintsy lalàna no manome alàlana hankatoavana... ny fifanarahana ... izay mampiditra andraikitra ho efaina amin'ny volam-panjakana, ...”

Izany sy izany no antonanton'izao Lalàna izao.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**LALANA LAHARANA FAHA- 2001-009**

**anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tamin'ny faha 03 mey 2001 nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Arabo momba ny Fampanandrosoana ara-Toekarena any Afrika, mikasika ny TETIKASA FANARENANA NY LALAM-PIRENENA faha-6 eo anelanelan'i BEKORATSAKA sy BORIZINY.**

Nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha-11 jolay 2001sy faha-23 jolay 2001, izao Lalàna manaraka izao :

**ANDININY VOALOHANY** : Omen-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola nosoniavina tamin'ny faha 03 mey 2001, nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Arabo momba ny Fampanandrosoana ara-Toekarena any Afrika, mikasika ny TETIKASA FANARENANA NY LALAM-PIRENENA faha-6 eo anelanelan'i BEKORATSAKA sy BORIZINY, mitentina EFATRA AMBIN'NY FOLO TAPITRISA Dolara Amerikana (14.000.000 US).

**ANDININY FAHAROA** : Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao.

Hankatoavina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha 23 jolay 2001

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERANDOHOLONA, NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**RAKOTOMANANA Honoré.**

**ANDRIANARISOA Ange C.**

F.